Billy Paul Branham nanaraka ny rainy, William Branham.

Ilay Fotoana Farany.

"... Izaho no fananganana amin'ny maty,ary fiainana: izay mino ahy, na dia maty aza izy, dia ho velona indray:" John 11:25

Raha nijery ny vatan'i Rahalahy Branham aho tao amin'ny efitry ny hopitaly, tsy nisy azoko natao afa-tsy ny fitadidiko ny fanahy mahery sy marisika izay nikiakiaka nanohitra ilay Jezebela sy ny fanahin'ny antokom-piangonana ety an-tany. Tsy ny mpaminanin'Andriamanitra intsony io, ity vatana mampalahelo rotika sy torotoro, eny ankehitriny aza dia tsy misy volo eo an-dohany, nesorina tamin'ny fandidiana.

Nandritra ny fotoana nijanonany tao amin'ny hopitaly, dia tsy nampino ahy raha izy no tsy ho sitrana; eny fa na dia enoko aza hoe maty izy, toa tsy mety afaka ny hahafantatra izany aho. Noho izany dia mbola nanantena azy ny hivoaka ny hopitaly aho. Nohon'ny fiangavian'i Billy Paul, dia nisafidy ny sefon'ny mpiandraikitra ny fandevenana aho, fa noho io finoana mahery io fa mbola ho velona ny mpaminany, dia nolazaiko ry zareo tsy hanala ny razana raha tsy eo aho. Tiako ho azo antoka mba tsy hisy zavatra mitranga raha tsy fantatro.

Tao amin'ny trano fiandrasana, Rahalahy Billy Paul dia niangavy ahy mba hanaparitaka ny vaovao amin'ny hafa. Rehefa nataoko izany, Billy dia nitsangana lasa eritreritra teo ambaravarankely. Avy eo niantso anay izy mba hijery ny filetehan'ny masoandro izay hafahafa, ny volana, sy ny kintana amin'ny alina amin'ny toerana iray. Ireo vatana telo lehiben'ny lanitra ireo dia tena nifanakaiky tamin'ny lanitra andrefana ka afaka nanarona azy ireo tamin'ny ankihibeko mitsotra eo anoloan'ny masoko aho. Ny kintana, ny volana sy ny masoandro dia saika mitovy ny famirapiratany. Mbola tsy nahita ny kintana namirapiratra tahaka izany aho. Tahaka ny misy ampahana hazavana mivoaka ao anatiny. Izy dia teraka teo ambany famantàrana, vavolombelona aho, miaraka amin'i Billy Paul sy ny maro hafa fa nisy famantarana teo amin'ny lanitra ambony tamin'ny mpaminan'Andriamanitra nandao ity fiainana ity.

Nitsangana teo izahay, vitsivitsy, ary nihira ilay hira *Mba Minoa* tamin'alahelo. Billy dia niteny hoe, tian'ny rainy natao tahaka izany io. Ary raha nanako mora tao amin'ny efitra ireo teny hoe - "mba minoa, ny zavatra rehetra dia hainy avokoa" dia samy nanana ny fiheverany ny tsirairay, kanefa izahay rehetra dia tena nahatsàpa araka ny fahatsapàn'ireo mpanaradia an'i Kristy, nijoro teo ampototry ny hazo fijaliana. Izy ireo dia nahita fahitàna ny amin'ny voninahitry ny tany ary nahatsapà fa mbola ho eo aminy ny Tompony amin'ny Fanjakany ety an-tany. Tsy nisy aloky ny fisalasalana na dia iray monja aza tao an-tsain'izy ireo fa Izy no ilay Mesia, ka very hevitra rehefa nanakaiky ny hazo fijaliana, izay lasa tena izy. Tahak'izany ihany, izahay izay nitsangana teo tamin'io fotoana io dia tsy nanana aloky ny fisalasalana fa izy dia mpaminanin'Andriamanitra, voasoratra ao amin'ny Malakia 4, izay ho avy fandrao Andriamanitra tsy maintsy *"hikapoka ny tany amin'ny ozona."* Kanefa izahay koa dia very

hevitra tamin'ny fahafatesan'ity lehilahin'Andriamanitra ity.

Ireo rahalahy dia nantsoina mba hijery ny vatan'ny mpaminany. Enimpolo ny isan'izy ireo, fa ny lalànan'ny hopitaly dia matotra ka fito ihany no navela niditra tao. Araka ny fangatahan'i Billy dia nisafidy fito aho tao anatin'ny enimpolo, nihodina aho dia niantso anarana izay tadidiko. Dia ny Rahalahy Blair, Rahalahy Evans, ary dimy hafa. Rehefa nanantona ny fandrinan'ny mpaminany ireo dimy ireo, ny iray tamin'izy ireo, Rahalahy Earl Martin, dia niresaka ny Soratra Masina momban'ny nandehanan'i Elia tamin'ny kalesy afo izay nitondra azy niakatra. Toe-javatra nampihetsi-po raha nifandray tanana izy ireo, niodina tamin'ny fandriana, dia nihira indray Mba minoa.

Tonga ilay mpiandraikitra ny fandevenana; ny razana norakofana lamba malefaka mena ary natao tao anaty vatam-paty, avy eo nampidirina tao anaty "ascenceur" nivoaka nankao amin'ny fiara fitondràna marary iray. Tao anatin'ny ambaratongan'izany fotoana fohy izany, dia hitako ny tenako teo akaikin'ny lohan'ny mpaminany araka izay tratrako, nanantena fa hisy fotoana hibitsihany tamiko, *"Rahalahy Green, esory eto aho!"*

Rahalahy Billy Paul dia nampanantena ny fanapaha-kevitra ny amin'ny toerana tsy maintsy handevenana ny rainy; Tucson na Jeffersonville, hiara-hiàla sasatra amin'ny reniny. Izy dia tsy niala tamin'io fampanantenana io. Noho izany ny fanapaha-kevitra dia niandry ny fahasitranana n'i Ranabavy Branham tamin'ny dona nahazo ny ati-dohany. Rehefa tonga izany, ny fanapaha-keviny dia ny hitondrana ny razana ho any Jeffersonville mba ho alevina.

Tamin'ny voalohany dia tohina aho ary tsy hitako izay natao raha naheno fa ny razana dia tsy maintsy karakaraina (esorina ny taova, sns...) "embaumé" mba hitondrana azy mamakivaky ny tanana, kanefa tadidiko ny Soratra Masina tamin'ny Lazarosy nifatotra niaraka tamin'ny labam-paty, sy ny nikarakaràna an'i Jesosy ihany koa. Araka ny Tenin'Andriamanitra, dia tsy nanakana azy ireo izany. Tamim-panekena dia niodina nankeo amin'ilay lehiben'ny fandevenana aho nanao sonia ny taratasy rehetra nilaina mba hanantotosana ny fikarakarana ny razana.

Ny tohin'ilay tantara mahakasika ny taolan'ny mpaminany nikambana daholo indray izay tamin'ny fomba mahagaga dia nitranga, raha nilaza taminay ilay lehiben'ny fandevenana fa tena tsara dia tsara ny toetry ny fandehanan'ny rà ao amin'ny vatany. Nolazainy tamiko fa ny vokatr'izany, ny tsiranoka dia tonga any amin'ny faritry ny vatany rehetra. *"Izy no lehilahy faran'izay ho voatahiry tsara indrindra, niasanay hatramin'izao."* izany ny teniny.

Rahalahy Billy Paul dia niantso ahy ho any amin'ny efitra tao amin'ilay trano fandraisam-bahiny, fa alohan'ny nandehanako indray dia naka fepetra aho ny amin'ny hiarovana ny vatan'ny mpaminany. Niangavy ny dokotera aho mba hametraka azy amin'ny efitra mitokana sy hanidy ny varavarana mandra-piveriko. Ny tena marina dia tsy noeritreretiko mbola ho hitako tao Rahalahy Branham tamin'ny fiverenako.

Nomeko fanafody fampatoriana i Rahalahy Billy Paul sy Ranabavy Loyce, rehefa azo antoka tsara fa natory izy ireo, dia navelako teo amin'i Rahalahy Borders izy ireo izay natory teo amin'ny seza lava (canapé) ary nanomboka nanaparitaka ny vaovao, tamin'ny telefaonina, ny amin'ny fahafatesan'i Rahalahy Branham. Raha teo am'pilazàna an'i Rahalahy Neville tao Jeffersonville aho, Rahalahy Willard Collins sy ny fianakaviany dia tonga avy any Tucson ny alin'io. Tena nalahelo mafy izy ireo, mazava ho azy, fa fampiononana lehibe ho ahy raha nilaza Rahalahy Collins hoe, *"Rahalahy Green, tiako ho fantatrao ny halehiben'ny fankasitrahako anao tamin'izay vitanao tamin'nyi Rahalahy Branham."* Nanohy izy, nilaza *"Rahalahy Branham dia niangavy tamiko ny hanangana fiangonana ao*

Tucson; Tsy tontosako izany, fa ianao kosa nahavita. Tokony hisy iray ao Tucson mba ahafahan'i Rahalahy Branham manana toerana iray mba hivavahana ho an'ny fianakaviany, sy hanaovany fanompoana amin'ny Fandraisana Fanasàn'ny Tompo."

Ny fotoana nahatongavako izay tsy maintsy niaingako miaraka amin'ny vatan'ny mpaminany hanidina ho any Jeffersonville. Tsy nilamina loatra ny saiko ny handeha irery ka Rahalahy Collins nanaiky ny hiarakatamiko tany amin'ny seranam-piaramanidina. Rehefa tonga tao amin'ny tranom-paty izahay, ny razana napetraka tao anaty vatam-paty kely miloko volon-davenona, mihidy sy sarony, ary dia vonona ny ho entina. Tsapako fa ilaina ny fisian'ny vavolombelona manamarina fa mbola ao anaty vata ny vatan'ny mpaminany, noho izany, niangavy aho mba hosokafana io mba ahafahan'i Rahalahy Collins mahita izany. Natao izany. Ny fisehony dia tsy azo nofafàna fa nijanona tao antsaiko: Rahalahy Branham niakanjo fotsy lava, ny tarehiny manjelatry ny menaka, izany famirapiratan'ny tarehiny izany dia toa manome hazavana ny efitra. Ny hany tonga tao an-tsaiko dia ny famaritan'i Rahalahy Branham an'ireo *"ivelan'ny efitra lamban'ny fotoana."*

Ny nofony dia nakarina farany tao amin'ny sidina TWA, rehefa tafiditra ireo olona farany sy ny entana. Nomena toerana faran'izay akaiky nisy ny vatan'ny mpaminany aho, tao amin'ny fitoeran'entana. Impiry moa aho no mivavaka, rehefa miditra ny fiara-manidina, mba hiarovan'ny tompo ny diako: ento aho dia ampiasao, ary avereno mody salama tsara any amin'ny ankohonako. Fa ity fotoana ity dia hafa, hoy aho, *"Tompo o, raha tianao ho entina amin'ny baolina afo ny mpaminaninao, eny tahaka ny nataonao tamin'i Elia, dia tiako ny handeha hiaraka aminy."*

Nivoaka ny fiaramanidina tao St Louis izahay, ny vatan'ny mpaminany sy ny tenako, mba hiandry ny fotoana hahatongavan'ny fiaramanidina afaka hanohy ny dianay. Tsy niala teo akaikin'ny vata mihintsy aho. Isaky ny iray minitra, dia nanantena ny mpaminany hiteny tamiko aho, *"Rahalahy Pearry, avoahy ato aho."* Nangatsiaka sy manirery ao anatin'ilay garazy. Tonga tato an-tsaiko ny eritreritra, fanontaniana, fanontaniana,... ankehitriny inona?

Mbola tonga namonjy ahy indray ilay Teny mahatoky: *"Na dia misy hitsangana amin'ny maty aza dia tsy hino izy ireo."* Na dia eo aza izany rehetra izany, inona no ataoko raha tsy maintsy niresaka tamiko izy? Mety hisy olona hino ahy ve raha nitsangana izy? Mety hino ahy ve Rahalahy Billy Paul? Na Rahalahy Borders? Na hanome tsiny ahy izy ireo raha tsy hita ny faty? Tamin'izay fotoana izay, dia nahatsapa fa nanontany ny Tompo aho raha naseho ahy fa hivoaka izy miaraka amin'ireo maty ao amin'i Kristy. Dia hoy aho, *"Tompo o, aza avela hitsangana eto izy raha izaho irery no eto,. Avelao mba hisy vavolombelona."* Natahotra aho fandrao tsy hino ahy ny olona. Ary araka ny Teny, dia tsy hino izy ireo raha tsy efa nosafidiana hatrany amboalohany mba hino.

Tao Jeffersonville dia notsenain'ireo olona misaona izahay, tao anatin'izy ireo Mr. Cook, naman'i Rahalahy Branham akaiky, izay lehiben'ny fandevenana nosafidian'i Billy Paul, ary koa ny mpanao fanadihadiana manokana momba ny anton'ny nahafaty ny olona (coroner). Tao ihany koa ilay iray izay ny feony dia heno ao amin'ny rakipeo tamin'ny fivoriana nanerana ny tanàna, nanao tsindri-peo ny tenin'ny mpaminany tamin'ny teny mafy sady mahery manao hoe *"Amen"* Ny fahafohizan-tenany sy ny fitiavany an'io lehilahin'Andriamanitra io dia tsy nitovy teo anivon'ny mpanaraka sy mpino ny hafatra hafa. Tamin'ny fotoana iray, tao amin'ny fivoriana iray tao Shreveport, dia nikiaka mafy io lehilahy io, *"Tianay ianao mpaminany!"* Ary Rahalahy Branham nijery, dia nilaza, *"Rahalahy Ben, izaho koa tia anao."* Dia tamin'izany, Rahalahy Ben Bryant maherifo dia nandray fiaramanidina avy ao Amarillo mba ho eny amin'ny toerana izay nitondrana ny mpaminany niverina ao amin'ny tany nonenany. Feno fanajàna Rahalahy Ben ny amin'ny nofo mangatsiakan'ny mpaminany ka, raha vao saika hanome tanana izy tamin'ny vata-paty, dia nesoriny ny satrony, ary tsy nahita toerana nasianaa

izany izy, dia natsipiny tsotra izao tamin'ny tany teo aorinany ny satrony. Hitako izany; io dia anisan'ny zavatra maro tonga tao amin'ny fitadidiako tamin'io andro io. Ary rehefa tadidiko izany izao, dia tsaroako Rahalahy Branham niteny tamin'i Rahalahy Ben: *"Miperaka eto ny rahalahiko, feno balan'ny Ady Lehibe II, mampatsiahy izany zavatra izany. Tiako izy. Satria izy nandeha.... Izaho tsy voatery nandeha."* Nisy fihetse-po lalina tao amin'ny feon'ny mpaminany rehefa nilaza izany izy. Ny Soratra masina dia milaza, *"Raha mandray mpaminany ianareo amin'ny anaran'ny mpaminany, dia ahazo ny valisoan'ny mpaminany."*

Tao amin'ny tranom-paty, dia mbola nila fahatokisana indray aho momba ny vata nisy ny Rahalahy Branham, dia nanontany an'i Mr. Cook aho mba hanokatra an'io. Raha vao nikisaka taty aoriana ilay sarony, dia tonga teo amiko indray ilay seho tsy azo adinoina: Rahalahy Branham amin'ny akanjo fotsy, mamiratra ny tarehiny, mipetraka ao amin'ny vata kely mampahonena. Io vata kely io, dia nampiasaina hitondrana ny vatan'ny mpaminany, ary dia napetraka an-sisiny tamin'ny farany satria nosoloina ilay iray nosafidian'ny rahalahy sy anabavy ara-nofo n'i Rahalahy Branham. Taty aoriana, ilay vata dia nampiasaina, araka ny filazan'i Mr Cook tamiko dia nandevenana olona mahantra tao anatiny. Mino aho fa izany olona mpangataka mahantra izany dia milevina ao anaty vata misy osotra.

Reraka, tsy nahita nolazaina, nipetraka tao amin'ny efitra (motel) nisy ahy aho ny alin'io, fa tsy nahitatory. Tsaroako fa Rahalahy Lee Vayle dia teo an-toerana; mety manana ny valiny izy. Rahalahy Branham dia niteny mafy tamin'i Rahalahy Vayle ary nilazany mihintsy fa raha tianao fantatra izay hinoany, dia anontanio Rahalahy Vayle. Mitsangana tahaka ny famantàrana ho an'ny hafatr'i Rahalahy Branham, manome hazavàna avy amin'ny Soratra Masina. Efa nisasaka ny alina tamin'ny nahatongavako tao amin'ny efitry Rahalahy Vayle, ary namoha azy hiala teo am-pandriana aho. Niangavy azy aho mba hanampy ahy ahafantatra.

"Izaho dia tahaka anao ihany," hoy ny navaliny, *"Na izaho aza anie tsy mahazo e."* Niresaka momba ny fahitàna izy, ary ny fahitàna ilay tranolay koa dia noresahana tao. "*Raha tsy notapahan'Andriamanitra ny asa,"* hoy izy, *"Mila mitsangana izy."*

Niverina tao amin'ny hotely indray aho dia nandry, nieritreritra, *"Tompo o, raha nesorinao ankehitriny ny Mpaminaninao hiala eo amin'ny sehatra, ary nolazainy daholo ireo misitery ary ny zavatra manaraka hitranga dia ny fitsanganana amin'ny maty ho an'ireo izay maty tao amin'i Kristy, dia te hisaotra anao aho Andriamanitra noho ny amin'ny fahafahana manokana nomenao ahy."* Ny eritreritro dia niverina tany amin'ny fotoana voalohany namangian'i Rahalahy Branham ny Tabernacle tao Tucson. Alahady io andro io, 21 novambra, 1965. Ny Asabotsy talohan'ny nanontaniany nandritra ny dimy minitra mba ahafahany naneho ny olona ny fankasitrahany fa misy fiangonana ao Tucson. Tsy ho adinoko mihintsy izay nolazainy taamin'io Alahady io, *"Misaotra an'Andriamanitra aho fa manaraka ny fitarihan'ny Fanahy Masina Rahalahy Green."* Nieritreritra aho, *"Andriamanitra o! izany ve no ataoko?"* Tena tsy fantatro ny fitarihan'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainako, ka dia tsy fantatro akory raha izany no izy, fa tena marina fa tsy misy fitarihana tsara noho izany. Ny hafanan'ny fitahina izay niparitaka tamiko niaraka tamin'ny fahafantarana fa nataoko izay nolazainy tamiko fa tokony hatao. Raha niteny tamiko izy ny hanorina toerana mba hivavahana, nilaza tamiko izy fa tsy afaka manao izany samy irery satria nampanantena ny mpanompon'ny Full Gospel tao Tucson izy fa tsy hanomboka hanangana fiangonana. Kanefa nanontany ireo rahalahy sasany izy ankoatran'ny tenako mba hanome toerana hivavahana. Isaky ny mahita tranobe (building) izy ireo, dia niverina nanontany azy raha io ilay toerana. Nandiso fanantenana azy ireo, ny nandraisany ny toro-hevitra tamin'ny fomba tsy taitra, tahaka ny hoe tsy tiany izany. Tsy tsapan'izy ireo izany satria izy dia tena mahalala ny tokony atao amin'ny teny havoakany amin'ny asa fanompoana ao amin'io tanana io. Ankoatr'izany, dia nitohy nanontany ahy izy, rahoviana aho no hanangana fiangonana, rahoviana aho no hitory misimisy kokoa.

"Raha tsy manana ilay fiangonana tsara ianao any Texas, tokony ho tonga hanangana iray ho antsika," hoy izy tamiko.

Nangitakitaka aho raha nahatsiaro io andro io, 21 Novambra, nitsanganany voalohany teo amin'ny polipiotran'ny Tucson Tabernacle ary nilazany, *"Tiako ho fantatrao fa ity ny fiangonako."* Hoy izy, *"Raha misy roa aminareo fontsiny eto rehefa tonga ny Tompo, dia anakiray amin'ireo ianao."* Tamin'io fotoana io, dia feno fanantenana aho fa ny teniny dia hisintona antsika hiaraka hivavaka eto amin'ny fitiavana sy fiadanana, ao anatin'ny firaisankina sy fifanampiana.

Ilay alin'ny Krismasy, nanirery, raha nitsotra teo ampandriana tsy natory aho, ny saiko mamerina ireo zava-nitranga tamin'ny volana vitsivitsy lasa, dia misy zavatra sasany toa maka endrika ary mijoro mihoatra ny sasany. Voalohany dia tena nakasitrahako ny nanarahako ny sitrapon'Andriamanitra izay tsy fantatro akory, voaporofon'ny mpaminaniny, ny amin'ny fananganana ilay fiangonana tao Tucson. Ny saiko dia mikasika ny fitadidiana azy mitsangana eo ampitan'ny arabe avy eo amin'ilay trano izay ho lasa Tabernacle (fiangonana), mitazana mpanao matso mandalo. Teo indrindra raha nijanona ny mpilalao mozika ka nihira ilay hira Ry Miaramila Mandrosoa Izao, raha nanatona ny "bulding" izy ireo. Tadidiko io Alahady io, 21 Novambra, raha namarana ny teniny tamim-pahatsorampo izy momba izay vitako, ary nangataka taminy aho ny mba hanamasinany ahy. Raha nandohalika teo anoloany aho, ireo vavaka nataony, izay azo henoina ao amin'ny rakipeo, dia mampiseho fa efa nasehon'Andriamanitra taminy io tranom-piangonana io alohan'ny nanofako azy. Marina tamin'ny teniny izy, tsy tiany ny nilaza tamiko; navelany nitarika teto Andriamanitra. Ankehitriny eto ampandrianako, ilay eritreritra faharoa lehibe dia mitamberina ato antsaiko: Izaho no mpanompo farany nohamasininy.

Mbola sanganehana ao ny alin'io, nitamberina tao antsaiko ny fanompoana tao Shreveport ny andron'ny Thanksgiving, Novambra, tamin'ny fahatsiarovana mampihetsi-po, dia ilay toriteny *"Eo amin'ny elatr'ilay voromailala fotsy tahaka ny ora-panala."* Ny feony dia nanako tato an-tsofiko indray raha tadidiko ilay hafatra momban'ilay voromailala mitarika ny voromahery. Ilay famantarana avy any ambony. Tamin'ny filaharana amin'ny fitondrana am-bavaka ny alin'io, ny anabaviko izay mbola zazakely, Barbara dia tonga teo anatrehany. Izy no olona fahadimy teo amin'ny filaharana. Ny mpaminany izay miamboho (ny lamosiny) ireo dimy voalohany, dia nanao araka izay nanehoan'ny Tompo azy izy ny mahakasika ny tsirairay – fisehoana mahery tamin'izany toetra (porofo) farany izay mialoha ny fahatongavan'ny Tompo. Raha i Barbara, nijaly tamin'ny aretin'andoha mahery vaika (migraine), tonga nanantona azy, hoy izy, *"Ity dia misy vehivavy tanora tsy fantatro."* (Izaho dia taoriana tao amin'ny biraon'ny fiangonana tamin'izany, nihazona ny telefaonina mihantona [fomba nihainona ny hafatra tamin'izany] ho an'ireo fiangonana valo ambi-roapolo mifatotra miaraka manerana ny firenena.) *"Andraso kely aloha" , nanohy izy, "Hoy aho hoe tsy fantatro izy, fa mahalala olona aho fantàny. Rahalahy Pearry dia mitsangana eo anoloako amin'ny fahitàna. Anabaviny io."* Nanomboka tamin'ny 1950 dia nanatrika ny fivorian'i Rahalahy Branham aho, mandrakariva dia eny aoriana eny, mangataka amin'ny Tompo mangingina ao anatin'ny foko mba hamela ny mpaminany ahita ahy amin'ny fahitàna eo anivon'ny olona maro. Ilay zavatra mahaliana fahatelo dia tonga tamiko ny alin'io Krismasy mampalahelo io. Io ilay fahitàna farany nasehon'i Rahalahy Branham teo amin'ny be sy ny maro.

Nitohy teny foana, ny saiko dia nandeha be ny alin'io, nitondra ahy tany amin'ny fivoriana rehetra natrehako taorianan'ireo tao Shreveport. Ireo farany, lehibe, hafatra indray mandeha dia nozaraina farany tamin'ny fitoriana ny tafio-drivotra tany andrefana, mamintina ny hafatra ho an'ny Ampakarina.Yuma, Arizona, dia naheno ny misiterin'ny fakàna hiakatra ny Ampakarina tao anatin'ilay toriteny, *"Ny Ampakarina."* Tamin'ny fiteny mihahakahana (staccato) taorian'izany dia tonga ny

faminaniana *“Ireo zavatra tsy maintsy hisy,” “zava-miseho maoderina nahariharin'ny faminaniana,” ary “Fitondrana” [fitarihana]* araka ny fandaharana izany, tao Rialto tanànan'i California, San Bernardino, sy West Covina ny datin'ny 5,6 ary 7 Desambra.

Tamin'izy niverina avy tany Covina mankany Tucson, dia nanao fanamarihana tamin'ireo namana akaiky niaraka taminy tao anaty fiara izy, *“Eny, indray andro any dia mety tsy ho eo aho. Rehefa henonareo izany dia aza atao masaka loatra ny hena [viande saignante] hoaninareo, ary tsarovy aho.”* Tao anatin'ny fitamberenan'izany tao antsaiko, dia tsaroako ireo fotoana izay niresahan'i Rahalahy Branham tamiko raha niaraka teny an-dalana izahay, *“Andao hijanona hihinana hena tsy dia masaka loatra – ary hahatsiaro an'i Howard.”* Tsy tia hena tsy masaka mihintsy aho ankehitriny fa nieritreritra an'i Rahalahy Branham, ny fomba nitiavany biby, omby, ny andrefana, ny nitondrany fiainana lehilany tia tany efitra, ny amin'ireo zavatra tao am_pony. Tamin'izy nandeha niaraka tamin'ny namany tamin'io andro io avy any Covina, izay namerenanay ny fehezan-teny nolazainy tamiko ny aogositra tamin'io taona io. *“Misy olona maro mitady tranolay, fa manontany tena aho raha mitady ny Fampakàrana izy ireo na mitady ny tranolay.”*

Alahady 12 Desambra, Rahalahy Branham dia tsy nanatrika fivoriana maraina tao am-piangonana satria nisy fanadihadiana natao taminy.(interview) Ny iray tamin'ireo dia niaraka tamin'i Rahalahy Vayle izay vao avy namita ny fanantontàna ny boky *“Fampisehoana ny Taom-piangonana Fito.”* Tena faly loatra izy fa misokatra ho an'ny be sy ny maro izany. Tamin'ny fanadihadiana natao taminy io maraina io, Rahalahy Vayle dia niteny, “Rahalahy Branham, misy ireo izay milaza fa ianao ny zanak'olona.”

Namaly ny mpaminany araka ny filazany matetika ao amin'ny rakipeo, *“Lee”* hoy izy, “*Tsy izaho no zanak'olona. Zanak'olona dia midika hoe mpaminany. Mpaminany midika hoe fitaovana hampitenenan'Andriamanitra; noho izany tsy maintsy milaza ireo zavatra amin'ny mpisolo tena voalohany aho (première personne) fa tsy izaho, fa Izy io.”*

Tamin'io maraina io taorian'ny fivoriana no nihinanan'i Rahalahy Branham sakafo atoandro toa amin'ny Furr's Cafetaria izay teo koa izaho sy ny fianakaviako. Raha nitsangana teo amin'ny fandoavam-bola izahay handoa ny taratasim-bolanay, hoy izy tamiko, *“Billy dia nilaza tamiko fa handray ny Fanasan'ny Tompo isika anio alina ao am-piangonana.”* Namaly aho fa marina izany, dia hoy izy, *“Ho avy any aho, hanampy anao.”*

“Rahalahy Branham,” Manolotra aho, *“fifaliana ho ahy ny manana anao handray ny fivoriana manontolo.”*

“Tsia” hoy izy, *“Ianao no pasitora. Ataovinao dia manomàna hafatra, fa ataoko ny fanompoana amin'ny fandraisana Fanasan'ny Tompo ho anao.”*

Nanontany ny amin'ny divay sy ny mofo izy, ary raha nanana fitondrana (plateau) izahay, dia nolazaiko taminy fa vao avy nividy iray izahay. *“OK izany”* hoy izy*,”Fa fantatrao, ilay kapoaka no tiako kokoa.”* (Raha tsy nilaza izany izy dia hifanatrika amin'izany aho amin'ny andro fitsarana.)

“Rahalahy Branham,” namaly aho, *“nampiasainao io fitondrana io tao Jeffersonville.”*

“Izany dia avy amin'ny olona,” hoy izy. “ *Kapoaka no nampiasaintsika tamin'ny voalohany, dia natahotra daholo ny olona fa ho voan'ny TB (Tiberkilozy) na zavatra hafa avy amin'ny tsirairay, noho izany dia navelako ampiasa fitondrana (plateau) izy ireo. Tsy maninona fa ny Tompo dia nampiasa*

kapoaka niaraka tamin'ireo mpianany." Teo ihany dia nanapa-kevitra ny hampiasa kapoaka aho; fa tsy nanana iray aho tamin'izany fotoana izany. Raha fantatro izay fantatro ankehitriny, dia efa nampiasa kapoaka aho.

Tadidko izy tonga ny alin'io, nipetraka teny amin'ny mpino, dia avy eo niakatra nankeo amin'ny lapihazo. Tsy nangataka taminy aho ny hiakarany teny aloha izay nanakianan'ny sasany ahy, fa nanana ny antony manokana aho.

Izay ilay karazan'olona nampianariny ahy mba ho toy izany aho, mba ahafahako mandrisika fahatokisana ho an'ireo izany tonga mba hivavaka ao am-piangonana. Fantany fa nirary tongasoa azy aho, ary fantany koa fa tsy ny an'azy fontsiny no nataoko. Raha nanery azy aho ny amin'ny hahatongavany teo amin'ny lapihazo isaky ny tonga tao izy, dia tsy misy maha samihafa ahy tamin'ireo olon'ny Businesmen izay nampiasa azy mba hisintonana olona. Voarakitra amin'ny rakipeo sy any an-danitra fa nilaza aho fa Rahalahy Branham dia tsy hameno ny polipiotra ao am-piangonana tahaka ny nieverako azy mba ho ataony, fa amin'izany fotoana izany ihany, dia faniriako lalina ny hananany toerana ahafahany tonga tao amin'ny fivoriana ary tsy voatery handray anjara. Io dia toerana natao hivavahana miaraka amin'ny olona rehetra, tongava ho namana, ary mifangaroa amin'izy ireo, izay nataony izany. Tiany ny nanao tahaka izany.

Io Alarobia alina io dia nosakafako ny fivoriana rehefa nanontany ny rahalahy tao am-piangonana aho mba hanaporofo, ny nahataitra ny olona rehetra, dia i Rahalahy no voalohany tamin'izany. *"Rahalahy Pearry,"* niteny tsotra izy, *"Tiako ny haka ny fotoana rehetra ahafahako misaotra an'Andriamanitra."* Ny alin'ny Alahady 12 Desambra, dia nitondra hafatra aho mitondra ny lohateny hoe *"Andriamanitra dia tsy mba tara na oviana na oviana."* Nampangitakitaka ahy ihany anefa ny fitadidiana araka izay voalazako tao amin'ny toriteniko, ny fomba nitazoman'i Simona an'i Jesosy ilay *"lehilahy mihazona an'Andriamanitra, Imanoela, eo amin'ny sandriny,"* teo dia nisy nanao *"Amen"* niavaka avy amin'ny mpaminanin'Andriamanitra teo aorinako teo amin'ny lapihazo. Izany zavatra izany dia sarotra hadinona. Tahaka an'i Rahalahy Ben manohana ny mpiteny hoatran'izany, na hitsikera an'i Rahalahy Ben ve aho nohon'ny amin'izany. Izany dia toetra voajanahary ary araka ny Soratra Masina ampiasaina mba hanamafisana fa manaiky.

Tsaroako, natory teo, akory izany hafaliako nahafantatra tamin'i Billy Paul, naoty voazarazara izay nokasain'ny Dadany ampiasaina tany Jeffersonville tamin'ny toriteny izay tokony nentiny ny 26 Desambra *"Ho antsika dia Zazalahy no nomena, Ho antsika dia teraka ny zaza."* Izany no tena nahafaly ahy, tao amin'ireo naotiny ireo teny izay nampiasaiko, *"Lehilahy mihazona an'i Imanoela, Andriamanitra no eny an-tsandriny."* Tsy fantatro raha ireo naoty ireo dia natao taoriana na talohan'ny hafatro, fa na izany na tsy izany dia nampangitakitaka ahy ny nahafantatra fa nilaza izany aho. Raha taloha, mety izany angamba no nilazany hoe *"Amen"* mafy. Na mety nataony ny naoty taorian'ny toriteniny mba ho fanomanana ny hafatra nentiny ny 26 Desambra.

Tadidiko ny nanomanany drafitra ho ahy mba ho tonga hametraka ny telefaona mihantona (telephone hook-up) mba ahafahan'ny olona maheno ny hafatry ny Krismasy nentiny. Dia avy eo ilay teniny manan-danja, *"Amin'izany fotoana izany ihany, dia afaka mitondra io fiara io miverina ianao izay ho entiko any. Vao avy nahazo an'i Rahalahy Welch Evans aho nijery an'io,ary nanamboatra izay kiaka rehetra tao, ary Rahalahy Hickerson no nanamboatra an'io farany taminy aho tao Jeffersonville. Rahalahy Green hahazo fiara tsara tarehy ianao."* Ny feon'ny mpaminany dia nanakoako tao amin'ny saiko, namaritra indray ilay fiara izay nitondra azy irery hatrany Jeffersonville ka hatrany Texas.

Tamin'ny Alahady hariva 12 Desambra dia nanao ny toriteniny izy, nitondra ny lohateny hoe

"Kominio" [Communion] izay lasa Book1 of Volume1 taty aoriana tao amin'ireo boky mitondra ny lohateny hoe Ilay Teny Notenenina. Tsy mbola naheno olona nino ny "Kominio ara-panahy" aho mandrapa-henoko, izay nohazavainy mazava tsara io alina io fa misy ny mino an'izany, na dia milaza azy izy ireo fa mpaminanin'Adriamanitra izy. Tsy ampisalasalana no nilazany fa izany fampianarana izany dia manohitra ny Teny. Nasehony fa tena tsy maintsy arahintsika ny didy anankitelo: batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo atao amin'ny fandetehana ao anaty rano, fandraisana anjara amin'ny Fanasan'ny Tompo amin'ny mofo tsy misy masirasira sy divay, ary ny fanasan-tongotra. Nambarany fa fahafatesana ny manao izany amin'ny fahadisoana, ary tsy fanaovana izany koa dia fahafatesana. Tamin'ny tsy fahalalako ny zavatra nataoko raha tsy taty aoriana, dia naka rahalahy izay mino ny kominio ara-panahy aho izay mbola tsy nandray anjara tamin'io teo amin'ny fiainany ny alin'io mba hanampy hizara amin'ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo. Izany ilay antsoina hoe "mametraka olona eo amin'ny sehatra" ary tamin'ny tsy fahafantarana no nanaovako izany. Naheno ny mpaminany nitsangana nitory an'io – avy eo nandrisika ireo pasitora hanantona hanao izany- tena sehatra tokoa izany. Tao aorianan'io dia noroson'i Rahalahy Branham mofo sy divay aho. Dia avy eo anjarany, ary tadidiko tsara rehefa haka ny kaopy kely teo ampovoan'ny "plateau" izy dia nitodika tany amin'ny mpino ary nilaza, *"Tsy hihinana amin'ny vokatry ny voaloboka intsony aho mandra-pidirako ao an-tranon'ny Fanjakan'ny Raiko."* Na dia Jesosy aza no resahiny tamin'izany, dia nanantanteraka ny karazan'ny asa fanompoana teo amin'ny fiainany izy.

Nandry teo amin'ny fandriako aho ny alin'io Krismasy io, ilay fahatsapana fahaefatra dia nahataitra ahy: Izaho no olona farany nandray Fanasan'ny Tompo tamin'ny tanan'ny rahalahintsika.

Ilay alina nampieririitreritra sy nampitady valiny dia nifarana. Ny andro manaraka aho, araka ny fangatahan'i Rahalahy Neville, nilaza ny mpino ny amin'ny Fiangonan'i Branham, tao Jeffersonville, nitantara tamin'izy ireo ny zavatra rehetra fantatro ny herinandro lasa. Anjarako no nitsangana teo amin'ny polipiotra ary nilazako ny antsipirihiny ny amin'ny fahafatesan'ny mpaminany izay nantsoin'izy ireo ho mpaminany nandritra ny roa ambiny telopo taona.

Ny harivan'io, raha handeha hamonjy an'i Rahalahy Billy Paul, izay tonga niaraka tamin'ny reniny, ny anabaviny, Joseph, Rahalahy Borders, Rahalahy Georges Smith, dia nijanona tao amin'ny tranom-paty indray aho. Alohan'ny nialako tao Amarillo, dia niangavy ahy Rahalahy Billy mba haka ny solovolon'ny rainy tety amiko mba hanamboarana sarony ho an'ny lohan'i Rahalahy Branham sy hanakona ilay faritra nodidiana teo amin'ny ati-dohany izay tsy misy mahadiso an'izany. Izany dia nataoko. Nipetraka tsara ilay sarony ary mbola nojereko farany ny razana alohan'ny nahatongavan'i Billy Paul. Rehefa nisokatra ny vata, akory ny hagagako fa tsy tsapako akory hoe nisokatra teo anoloako ny vata nisy an'i Rahalahy Branham. Miaraka amin'ny solovolo mipetraka tsara, toa dimy ambitelopolo taona ny fijery azy fa tsy dimy ambifitopolo. Ny fijeriko azy dia tahaka ilay sary tao Houston nipotran'ilay halohalo, nilaza ny fanahiako tamin'i Mr. Coot aho fa i Rahalahy Branham dia toa tena tanora ary mety ho tian'i Rahalahy Billy Paul izany. *"Ny vavany hita tsara. Somary malomaloka ny endriny noho ny fahitanao azy,"* niilaza tamin'ny Mr. Coot aho. Nilaza izy fa ho hitany eo izay azony atao momban'io.

Rahalahy Billy sy ireo niaraka taminy dia tonga. Rehefa nahita ny reniny velon'aina soa aman-tsara teo amin'ny Dokotera Sam Adair, nandeha avy hatrany tany amin'ny tranom-paty izahay. Rehefa samy nijery ny razana teo izahay rehetra, dia nihodina tamiko izy ary tsy nampino ny fanontaniany, *"Nataonareo inona ny raiko?"* Izany fanontaniana izany dia sarobidy fa avy amin'ilay fo feno fangirfiriana, mampiseho fanairana sy fanakianana izay noheverina fa vitako. (Nanao ahoana re ny fisavoritahana raha tonga ttany Jeffersonville aho ka foana ny vata?... na dia hitsangana amin'ny maty aza ny olona iray, tsy hino izy ireo.) Nolazaiko tamin'i Billy fa i Mr.Coot dia vavolombelona, fa io ny

vatan'ny rainy tahaka ny nitondrako azy avy any Amarillo.

Ny andro manaraka rehefa nijery ny razana ny renin'i Ranabavy Hope, Ramatoa Brumback, dia nitodika tamiko ary nilaza tamin-dranomaso, *"Rahalahy Green, Billy io... fantatro izy... tamin'ny nanambadiany ny zanako vavy."* Teo dia tsapako fa tsy nijery an'i Rahalahy Branham tahaka ny lehilahy antitra aho, fa kosa, tahaka ny lehilahy tanora. Maro ny nanomboka nametra-panontaniana.

Ny vavaka tamin'ny fandevenana dia ny 29 Desambra, notorian'i Rahalahy Neville, Collins, Jackson, sy Ruddel. Izaho no nitarika ny hira ary nanome ny ferapara. Maro ny tonga nanatrika ka feno ny fiangonana tamin'ny 11 ora, na dia tsy mbola nanomboka aza ny vavaka raha tsy tamin'ny 1 ora. An-jatony no tavela teo ivelany tao amin'ny tokontany. Naharitra mihoatra ny adin'ny iray ny filaharan'ny olona nandalo ny vata.

Ranabavy Branham, mbola mijaly tamin'ny nahavoa ny lohany, dia tsy afaka nanapa-kevitra na alevina any Jeffersonville ny vadiny na any Tucson. Mitsangana eo anilan'ny vatapatin'ny rainy, Rahalahy Billy Paul dia namerimberina ny teny hoe, henoko izy niteny hoe any Amarillo, *"Ny Tompo dia nanampy ahy tamin'ity, tsy izaho mihintsy no ilay handefa azy ao anaty tany."* Tamim-pahalemem-panahy, nentiko ilay zanaka lahy mijaly, teo amin'ny soroka ary nanodina azy niala teo. Nifanena tamin'i Rahalahy Borders izy izay nanodina ny sandriny taminy ary nitondra azy nivoaka. Billy dia efa nilaza tamiko mialoha fa esorina ilay solovolo alohan'ny hanidina ny vata. Niangavy an'i Mr. Coot aho, fihetsika farany, mba hanala ilay solovolo. Vita izany dia nosintoniko moramora ilay fandrakofana ny vata ho eo amin'ny vatan'i Rahalahy Branham, nihidy ny sarony, ary ny masoko no maso roa farany nahita ny niafaran'ny mpaminanin'Andriamanitra.

Nidin'i Mr Coot ny vatapaty ary napetrany tao amin'ny efitra manokana ambony rihana ao amin'ny tranom-paty, mba hiandry ny fanapaha-kevitry Ranabavy Branham. Izany no marina nitranga. Maty izy, ary heno eran'izao tontolo izao, napetraka tao anaty vata fapangatsiahana lalina, izay nahatratra 15000 dolara ny vidiny, hiandrasana fitsanganana amin'ny maty. (Na dia eo amin'ny fahafatesana aza, dia mbola nisy ireo izay nanaratsy an'i Rahalahy Branham, ny fianakaviany, sy ny mpanaradia azy mahatoky tamin'ny fomba fanaratsiana azon'izy ireo natao.)

Tamin'ny 4 ora, teo ivelany rehefa vita ny fivavahana, maro ny olona no nanomboka nahatsikaritra loko tsy fahita sy faritra boribory nanodidina ny masoandro. Ny raiko dia nisarika ny saiko tamin'io fisehoana tsy fahita andavan'andro io, ary dia nandeha niantso antarobia ny anabaviko tany Texas mba hijery raha io zava-mitranga hafahafa io dia hita avy any koa. Niantso tany California izy sy toerana maro samihafa. Na taiza na taiza, ny valiny dia mitovy; ilay fisehoana dia samy nahita. Maty teo ambanin'ny famantàrana izy, teraka teo ambanin'ny famantàrana izy, ary nisy famantàrana teny an-danitra tamin'ny fotoana nivavahana amin'ny fandevenana azy.

Ny vaovao (media) dia nanomboka niezaka namantatra ilay tantara manan-danja dia ny amin'ny nahafatesan'i Rahalahy Branam. Soa ihany, nolazaina aho fa hisy fanehoana amin'ny Tele andrasana amin'ny 6 ora ny harivan'io mba hanehoana ny be sy ny maro fa ireo mpanaradia an'i William Branham, niandry azy mba hitsangana amin'ny maty, dia nametraka ny nofony ao amin'ny fitehirizana fa tsy nandevina azy. Niantso an'i Rahalahy Billy Paul aho ny amin'ny filazàna ity vaovao manaitra ity ary niangavy ahy izy ny hanajanonana an'io raha vitako. Tsy nahalala aho hoe Tele avy aiza no namoaka izany, dia nanomboka niantso ny tsirairay, farany niresaka tamin'ny lehiben'ny filazam-baovao tsotra aho roa minitra tsy hiatombohan'ny fandaharana. Haingana dia haingana ny nilazako taminy ny zavatra marina mahakasika an'io, nanazavako taminy fa ilay fahatarana ny amin'ny fandevenana dia satria Ranabavy Branham mbola maratra. Nolazaiko izy fa tsy mahalala na inona na

inona momban'io vata fapangatsiahana lalina io izahay. Ilay lehilahy dia nankasitraka ny antsoko, hoy izy, *"Rahalahy Green, tiako ny filazanao tamiko. Tsy tiako ny hitondra fanalam-baràka ho amin'io fianakaviana io."*

Rehefa izany, dia tsy talohan'ny 11 Aprily, 1966, niandrasana ny fahasitranan'i Ranabavy Branham, dia voalevina ihany ny mpaminany.

Nanomboka tamin'ny tsingeritaona nahaterahan'i Rahalahy Branham, 6 Aprily 1966, Rahalahy Billy Paul dia niantso sampan-draharaha manokana tao Jeffersonville mba handefa ireo rakipeo fito izay notorian'ny mpaminany fa tsy navela hivoaka. Teo amin'io fivoriana io, nanomboka niparitaka ny resaka fa Rahalahy Branham dia hivoaka hitsangana amin'ny maty. Indray alina raha tao amin'ny birao aho nanampy an'i Billy Paul, dia naneno ny telefaonina. Andro talohan'ny Paka io. Feon-dehilahy no henoko nanontany ahy tampoka.

"Iza no miresaka?" hoy izy nanontany.

"Pearry Green," Hoy ny navaliko.

Notononiny ny fanampinan'anarako, nanontaniany raha marina izany. Nahitsiko izy, noheveriko fa olona tsy maintsy mahafantatra ahy tsara, fa mananihany ahy tahaka ny tsy mahafantatra ny fanononana ny anarako. Nanontany ahy izy raha manao fanompoam-pivavahana manokana izahay. Namaly aho fa manao izahay. Tsikelikely, dia tsapako fa tsy naman'ny fianakavina izy. Farany dia nanontaniako hoe iza no miresaka amiko.

"Mr.Brown ihany ity avy amin'ny United States Press International (UPI), Louisville," namaly izy ary nanontany tampoka, *"Ianareo ve re olona miandry an'i William Branham hitsangana amin'ny marainan'ny Paska?"*

Ny fahazavan'izay fanontaniany izay dia somary nanafitohina ahy, fa namaly tamim-pitandremana aho, *"Eny tompoko, mety misy mino an'izany. Inona ny finoanao?"*

"Batista," hoy ny navaliny.

"Tsy mino ny fitsanganana amin'ny maty ve ianao?" Hoy aho nanohitra. *"Tsy mino ny fihavian'ny Tompo fanindroany ve ianao?"*

"Eny tompoko," hoy izy.

"Hay, izahay koa." Hoy aho.

Ny fanontaniany manaraka dia nataony mba hamoahako teny ao ambavako, *"Mihevitra ve ianao fa mety ho amin'ny maraina ny hitrangan'izany?"*

"Tompoko," hoy aho tamim-pahatsorana, *"Tsy ho gaga aho raha hitranga izany."*

Izay no nampilamina azy, ampy izay ny fanodikodinany ireo teniko. Ny andro manaraka, avy amin'ny UPI, dia noresahina eran'izao tontolo izao aho tahaka izao: *"Ny mpanaradia sasany an'i William Branhaam dia mino fa hitsangana amin'ny maty izy ny marainan'ny Paka,"* hoy ny Reverend Pearry Gren, pasitoran'ireo mpikambana efajato ao amin'ny Tucson Tabernacle, *"ary ho ahy manokana, dia*

tsy ho gaga aho raha hitranga izany."

Tao Tucson, ny olona tao amin'ny UPI dia nijery ny fanisana ny olona teo an-tanana, ary nahita Pearry Green manana adiresy ao Wrightstowwn Road sy Tucsn Tabernacle, ny Dowtown Assembly of God Church, 560 S. Stone (satria izany no fomba nanaovana ny lisitra). Noho izany dia lasa voatondro ho mpanompo aho amin'ny Assembly of God aho tao amin'ny gazetin'ny tanana. Ny olona sasany nanaraka ny hafatry Raahalahy Branham dia namaky izany ary tena tafintohina. Ny tenin'izy ireo tamiko tao amin'ny telefaonina dia matotra, Izaho tsy maintsy *"Hidiko ny vavako."*

Tao Jeffersonville, dia nitovy ihany ny fiantraikan'izany. Ny mpitarika teo anivon'ireo mpanaraka ny hafatra dia tonga tao amiko ny hampahafantatra fa tsy anjarako ny miresaka amin'ny mpanao fanadihadiana an-gazety, fa raha misy zavatra nolazaina , dia tokony "lazaina araky ny lalàna". Tsy ilaina akory ny filazàna, tena nihorohoro aho satria nanome tsiny ny Ranabavy Branham sy ny zanany, ary ny asa fanompoan'i Rahalahy Branham teo amin'ny fiainany; mazava ho azy fa tsy nino zavatra tahaka izany izy ireo. Hoy aho tamin'i Ranabavy Branham ny harivan'io, aleoko nohadinona daholo ny zavatra noteneniko toy izay nitondra fotoana mahamenatra, alahelo, na fitaintainana ho an'ny fianakaviany. Ireo teniny soa nataony dia mahavelo-panantenana, *"Rahalahy Green , mino anao aho."*

Ny andro manaraka, mazava ho azy, ny gazety dia nihevitra fa tsara ny manao ny tohiny. *"Tsy nitsangana izy"* izany no nireharehan'izy ireo ho tohin'ny fitantaràny. Ilay mpanadihady iny ihany no niantso ahy antarobia mba hanambara saingy tsy afaka aho. Rahalahy McClintock no namaly ny telefaonina ary nandà ny hanome azy vaovao. Niantso an'i Rahalahy Billy izy izay nilaza taminy fa tsy mbola nisy zavatra tahaka izany nampianarina. Tamin'izany, ilay mpanao fanadihadiana dia niezaka ny hanao disadisa teo amin'ny Rahalaahy Billy Paul sy ny tenako mba hamoronana tantara vaovao, fa tsy nahaomby izany fikasana ratsy izany.

Ilay lahatsoratra dia tsy misy fahamasinana ary feno lainga namboamboarina. Nolazainy hatramin'ny hoe, nitondra olona fiton-jato aho nankany amin'ny fasana hanangana an'i William Branham amin'ny maty. Nanana namana aho manerana izao tontolo izao, rehefa namaky ny lahatsoratra izy ireo, nanakifika ny lohany ary nilaza, *"Lasa adala Pearry Green!"*

Ny marina dia tsy fantatro akory fa i Rahalahy Branham dia halevina ny Alatsinainy rehefa niala tao Tucson aho ho any Jeffersonville ny Talata mialoha. Tsy nisy olona nahalala an'io, raha tsy nanapa-kevitra i Ranabavy Branham tamin'izy tonga.

Ireo olona tonga tao amiko tany Jeffersonville ary nilaza tamiko ny *"Hanidiko ny vavako"*dia namaly tsaratsara kokoa nohon'ny tenako tamin'ny fanadihadiana nataon'ny gazety azy ireo. Nanontaniana izy ireo ny amin'ny eritreriny momba an'i William Branham. Ny valiny, izay marina, dia navilin'ny mpanao fanadihadina mora foana. Hoy izy ireo, *"Hay, mihoatra nohon'ny mpaminany izy."* Izy ireo koa dia nanamarika tamin'ny filazana fa William Branham dia hitsangana amin'ny maty. Fa manontany tena aho raha tsy mino izy ireo fa hitsangana izy. Azony ihany tamin'ny farany fa tahaka ny nahazo ahy tamin'ilay mpanao gazety fetsy izay nolazaiko fa mandika vilana no nahazo azy ireo.

Tsy nolazaiko ilay mpanao fanadihadiana izay nosoratany tao amin'ilay gazety. Fa tiako ny milaza izao: Izaho no faran'ny mpanompo nhamasinin'io mpaminanin'Andriamanitra io; Heveriko fa zava-dehibe izany. Izaho no olona farany hitany tao amin'ny fahitàna teo anivon'ny olona. Izaho no mpitory teny farany izay henony nitory; ary nahatsapa tahaka an'i Timoty nitory niaraka tamin'i Paoly nihaino, na iray amin'ireo mpianatr'i Jesosy nanatrika teo. Tsy mora izany, fa nasainy nataoko, ary misaotra an'Andriamanitra aho fa tena lehilahy afaka nanao izany.

Nanana tombotsoa amin'ny maha ilay farany izay norosoany ny Fanasan'ny Tompo aho ary ilay farany nandroso azy. Izaho no olona voalohany tonga teo amin'ny toerana nisy ny loza ankoatran'ireo izay efa teo tamin'ny nitrangan'io. Izaho no olona voalohany nahita ilay fiara. Izaho no olona voalohany nahita azy tamin'izy nahatsiaro tena, rehefa nilaza taminy aho momban'ilay famantarana teny amin'ny volana. Izaho ny mpino voalohany nahafantatra fa nandao ity fiainana ity izy. Izaho ny mpino voalohany nahita ny vatany. Izaho ny mpino voalohany nahita azy niakanjo footsy. Tombotsoa ho ahy izany ary ny andraikitra niarahako nandeha tamin'ny vatany, nandeha nody.

Satria ny Krismasy dia tsy andro nahaterahan'i Jesosy Kristy Tompontsika, ny Krismasy dia mitondra fitadidiana hafa teo amin'ny saiko. Na dia “maty” aza ny rahalahintsika araka ny fihevitr'izao tontolo izao, dia misy fanatrehana misy osotra tsapako miaraka aminy. Araka ny nolazaiko tany aloha, ny masoko no nahita farany ny vatany ara-nofo, fa mino aho fa handeha amin'ireo iray voalohany ahita ny vatany mitsangana amin'ny maty, rehefa hitsangana ny maty ao amin' Kristy.

http://www.believersnewsletter.org

Believers Newsletter

info.bnl.ministries@gmail.com